# Allah dia hamindra fo amin'izay olona miantra rehefa mivarotra, na mividy, na mitrosa

Tatitra azo avy amin'i JABIR (r.a), fa niteny i mpaminany (saw) ilay Iraka mahafatokin'ny Tompo Allah ka nanao hoe : "Allah dia hamindra fo amin'izay olona miantra rehefa mivarotra, na mividy, na mitrosa."
[Mari-pototra] [Notantarain'i Bokhari]

Nangataka famindram-po ho an'izay mora sy malala-tanana eo amin'ny fivarotana i Mpaminany (saw). Tsy manaikitra loatra amin'ny vidin'ny entana eo amin'ny mpividy ary maneho ny hatsaram-panahy. Tsotra sy malala-tanana rehefa mividy; ary tsy manambany sy mampihena ny sandan'ny entana Izy, Tsotra sy malefaka raha mitaky ny handoa ny trosany izy; tsy manery ny ory sy ny mahantra izy, fa mangataka aminy amim-pahalemem-panahy ary mamindra fo amin'ny mahantra.



النجـاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee